# Misy manodina sahady ny vary moran-dRajoelina 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 9 avrily 2019 Laharana 896 Vidiny : 400 Ar


**I Jaona 4:1** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 126), Madagasikara 08 aprily 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Kandidà TIM Boriboritany III** 2

## Vao aller izay no vita ny retour ho azontsika



**Noho ny hamehana, Olga Ramalason** 2

## Sekretera jeneraly vaovaon'ny TIM



**CUA SY NY MPIARA-MIOMBON'ANTOKA** 7

### Manitatra sy manamboatra ny sisin-dalana



**Lozam-pifamoivoizana** 6

### Kamiao namantana tamina trano, zaza 2 no maty

**Tanora TIM Boriboritany faha-6** 3

### Namoy ny mpiara-mitolona Romie

**Kandidà TIM Toamasina I** 2

### Mifanerasera akaiky amin'ny vahoaka

**Daka kely**

Efa manomboka lasa rano ny vary moran'ialahy ry Boaikely a !

**Mpanakanto Pierrot Matatana** 6

### Marary mila tolo-tanana



### NOHO NY HAMEHANA, OLGA RAMALASON

# Sekretera jeneraly vaovaon'ny TIM



Natolotra tamin'ny fomba ofisialy omaly tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Bel'Air Ampandrana, ny sekretera jeneraly vaovaon'ny antoko TIM araka ny fanambaràna nataon'ny filoha Marc Ravalomanana. Araka ny fanapahankevitra nandritra ny zaikabe nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny 22 sy 23 mey 2015 tao amin'ny Magro Tanjombato, no nanendry an'Andriamatoa Andriamahefamparany Olivier Donnat ho sekretera jeneralin'ny antoko. Araka ny taratasy fametraham-pialàna nataon' ity farany ny 06 febroary 2019 tsy ho sekretera jeneraly intsony dia nandray fanapahan-kevitra, mba ho fampirindràna ny fiainan'ny antoko ny filoha Marc Ravalomanana sy ny birao politikan'ny antoko. Noho ny hamehana hoy izy, rehefa nandinika ny birao politika dia nanendry ny senetera Olga Ramalason ho sekretera jeneraly vonjimaikan'ny antoko Tiako i Madagasikara, mandrapahatonga ny zaikabem-pirenena, izay hatao isaky ny 5 taona araka ny sata mifehy ny antoko politika. Nisaotra ny filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM ny sekretera jeneraly vaovao vonjimaika, Olga Ramalason, tamin' ny fahatokisana napetraka aminy izao. Tsy andrarakilo mby an-doha aho hoy izy fa vonona hiasa hampandroso ny antoko, mba hisy fahombiazana indrindra amin' ny fifidianana izay hatrehina ato ho ato.

***Helisoa***

### Kandidà TIM Boriboritany III

# Vao "aller" izay no vita, ny "retour" ho azontsika



Ireo kandidà depiote ao amin'ny Boriboritany faha-3, eto Antananarivo Renivohitra indray, no nampahafantarin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravlomanana, tamin'ny fomba ofisialy teny amin'ny QG Bel'Air, izay ao amin'ity boriboritany ity ihany ny sabotsy teo. Mitarika ny listra ao amin'ny Boriboritany faha-3 ity, Feno Ralambomanana, ny faharoa amin'ny lisitra dia i Bodoarisoa Razafindrazaka, na ny mpanakanto Bodo. Manana ny traikefany, ny zava-niainany niaraka tamin'ny vahoaka teny anivon'ny fiarahamonina sy teny anivon'ny sehatra misy azy avy izy ireo, hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Mahalala ny hetahetan'ny mponina izy ireo ary vonona ny hiady ho amin'izay mahasoa hatrany. Miray hina amin' izy ireo isika, manao rodobe hamerina ny hasin'ny Antemierampirenena, sy hanangana firenena vanona, hoy i Dada. Nanome hery sy namelombelona ny rehetra ihany koa nandritra izany ny hira vaovaon'i Bodo ho an'ireo kandidà depiote TIM rehetra mirotsaka ho fidiana amin' io fifidianana ny 27 mey ho avy izao io, nampitondrainy ny lohateny hoe: "Fa isika mpandresy isika tsy resy". Anisan'ny misongadina amin'ny tonon-kira fa "vao ny aller izay no vita, ny retour ho azontsika", izany hoe noresena isika tamin'iny fifidianana filohampirenena iny, fa handresy kosa amin'ny fifidianana solombavambahoaka ho avy ity.

***Isambilo***

### Todisoa kandidà TIM Boriboritany faha-6

# Feno dia feno ny fandaharam-potoanany amin'ny fihaonana amin'ny vahoaka

Andriamampandry Todisoa lohalisitra amin'ny kandida depiote TIM Boriboritany faha-6 Ambohimanarina, niaraka tamin'i Lalaina Rabezanahary, izay kandida mpiray lisitra aminy laharana faha-4, sady mpitarika ny Jeune TIM Boriboritany faha-6 dia nifampiarahaba noho ny taona vaovao tamin'ireo mpikambana solontena ny Jeune TIM isam-pokontany miisa 31, manodidina ny 150 mahery teo, ny faran'ny herinandro teo, teny Antanety Avaratra. Nisy tamin'izany ny hafatra nomena ireo tanora ireo, mba ho tanora vanona, ka sahy handray andraikitra amin'ny fampandrosoana isam-pokontany. Ankoatra izany, namoy mpiara-mitolona ny Tanora TIM Boriboritany faha-6, ka ao anatin'ny firaisankina sy fiononana miaraka amin'ny fianakavian'i Romie, izay nodimandry, ny tanora TIM Boriboritany faha-6. Marihina fa namana mpiaradia nanana fikasana hamonjy io fotoana io i Romie, nefa dia nindaosin'ny fahafatesana tampoka tamin'io andro io.



*Ny kandidà Todisoa nanolotra fitaovana ho an'ireo mpanasa lamba.*

Ankoatra izany, ny kandidà Todisoa Andriamampandry, TIM Boriboritany VI, (N°1) dia nanampy ireo renim-pianakaviana izay mivelona amin'ny fanasan-damba ao amin'ny Fokontany Amboavahy Boriborintany faha-6. Nizara fitaovana ho azy ireo teo amin'ny kianja Tambohoben'ny filoha lefitry ny Dis-Tim Ramanamparantsa Edson (Dit Datoa Toutou) izy tamin'izany. Misaotra betsaka hoy ireo mpanasa lamba, fa manana ray amandreny tokoa izahay manana an'i Todisoa sy ny mpampiantrano tamin'io andron'ny sabotsy teo io ihany.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Misy manodina sahady ny vary moran-dRajoelina

Araka ny vaovao voaray dia misy manodina sahady ny vary moran-dRajoelina. Fanambaniana tsotra izao mba tsy ilazàna fa fanompana ny mponin'Ambatomainty, Distrikan'Ambatomainty any amin'ny faritra Melaky ny fanomezan'ny fanjakana ity Vary Mora ity satria faritra anisan'ny mpamoka-bary ry zareo fa ny lalana hamoahana izany no tsy misy. 250 Ar ny kapoakan'ny vary amin'izao fotoana izao any an-toerana, izany hoe 875 Ar ny Kilaon'ny vary gasy vokatra any an-toerana, kanefa dia mbola nanaterana Vary Mora avy any ivelany indray hamidy lafo noho ny vokatra ao an-toerana satria 1000 Ar ny vary mora. Vokany, nahodin'ny olona ilay vary mora satria mamotika ny vidim-bary any an-toerana.Betsaka ireo tantsaha mpamboly no tezitra amin'ny fitondrana, noho izay fihetsiky ny fanjakana izay. Na dia lazaina fa amidy amin'ireo rava trano tamin'ny fahamaizana tao akaikin'Ambatomainty aza ilay vary mora dia nampiaka-peo ireo mponina fa maninona raha ny lalana hamoahana ny voka-bary no hamboarina, na ny sarany nitondrana ilay vary mora tany an-toerana no nomena ary Ambatomainty ihany dia afaka manome vary an'ireo tra-boina amin'izay fotoana izay. Fisehosehoana sy fanambatambazana ara-politika fotsiny ihany no fahitana ity fihetsiky ny fitondram-panjakana ity ary manambany tsotra izao ny tantsaha ao Ambatomainty. Asa na ireo mpila ranondranony amin'ny fanjakana ao an-toerana no manipy hoditr'akondro ny fitondrana, na ny ao lavoloha mihitsy no tsy mahafantatra ny zava-misy ao Ambatomainty sy ny manodidina, sy tsy mahafantatra ny zavamisy any ambany ravin-kazo rehetra any fa variana mitsangatsangana any ivelany fotsiny. Raha ny vola lany nitondrana ilay vary mora mantsy dia betsaka lavitra nohon'ny vidin'ny vary ao an-toerana, ka tsy atao mahagaga raha tezitra ny tantsaha mpamokatra vary. Tamin'ny nitondran'ny filoha Marc Ravalomanana anefa dia ny lalana hamoahana ny vokatra no laharam-pahamehany ary voavonjy haingana ireo tra-pahavoazana fa tsy mila miandry Vary mora avy lavitra izany. Tonga hatrany Maintirano sy ny faritra Melaky iny hatramin'ny Mazda tamin'ny fitondran'i Dada. Taratry ny tsy fahaiza-mitondran-dRajoelina avokoa ny trangan-javatra toy izao misy any amin'ny faritr'i Melaky izao.

***Rajaonarimpanontsana***

### Kandidà TIM Toamasina I

# Mifanerasera akaiky amin'ny vahoaka

Miezaka mifanerasera akaiky amin'ny vahoaka ao an-tampon-tanànan'i Toamasina amin'izao fotoana ny kandidà depiote TIM ao Toamasina I, izay tarihan'ny kandidà Jean Claude sy Niaina. Ny faran'ny herinandro teo, nisy ny fidinana ifotony tao Morarano ho fampahafantarana ny kandida sy ireo mpiray lisitra aminy. Ny fokontany Morarano izay anisan'ny fokontany be mponina sy azo lazaina ho faritra iva toerana raha amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana no resahana. Ankoatra izany, nihaino ny hetahetan'ny vahoaka koa ny kandidà Jean Claude sy Niaina, izay nomerao 1 amin'ny biletaà tokana ao Toamasina. Namaranan'izy ireo ny fotoana ny fitsidihana ny QG tao amin'ity fokontany Morarano ity.

***Helisoa***



*Jean Claude sy Niaina, kandidà depiote TIM, nitsidika ny tany Morarano Toamasina I.*

Ny Valosoa sy hadihady

# Seha-pampianarana : tsy misy filaminany hatramin'izao

Tsy mbola milamina ny seha-pampianarana eto Madagasikara. Toa sarontsaronan'ny fihetsiketsehana be etsy sy eroa ataon'ny fitondrana izany kanefa ny tena ho zava-doza any aoriana raha tsy misy fanafodiny. Iray amin'izany aloha, ka ilazana azy hoe tsy milamina, dia ny fihetsiky ny foibem-pampianarana katolika tato ho ato izay tamin'ny fanehoana tsy fitovian-keviny amin'ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena. Ny fepetra raisiny hatrany dia miala amin'ny toromarika omen'ny fanjakana izany. Tsy milamina izany. Ary tsy ny sekoly katolika ihany no manao ny ataony fa misy ihany koa amin'ireo sekoly tsy miankina, na amin'ny fanjakana, na amin'ny finoana ihany koa no manao izay tiany amin'ireo mpianatra ao aminy.

Tsy milamina ny zava-misy raha atao indray mijery any amin'ny sekoly ambaratonga I sy II, fa hafahafa ihany koa ny mitranga any amin'ny toeram-pampianarana ambony. Hatreto, ary tsy mbola hita mangirana ny ho avy, dia azo hambara tsotra izao fa tsy natao ho an'ny fianakaviana sahirana izy ireny. Sakana lehibe ho azy ireo ny resaka vola izay antompidirana eny amin'ny Anjerimanontolo. Farafahakeliny, tsy latsaky ny 6 alina ariary ny vola ilaina omanina ahafahan'ny mpianatra iray manala ny fanadinana fifaninanana fotsiny aloha amin'ny taranja na sampam-pianarana iray izay isafidianana, fa mbola resaka hafa indray ny fahafaham-panadinana. Raha tsy afaka fanadinana dia very ny vola nolaniana rehetra. Ny mpianatra iray avy amin'ny fianakaviana sahirana, dia manao izay fara heriny nitady ny fomba nitadiavana vola hanalany fanadinana fifaninanana raha mankeny izy ireo. Tsy ho azy ireo velively ny hanana vintana hisafidy sampam-pianarana roa na telo noho ny tsy fananany vola ho amin'izany. Izany hoe, manilika ny sokajin'ireo mpianatra avy amin'ny fianakaviana misy azy ny Sekoly ambony. Ary fantatra ihany koa fa raha tsy hanohy fianarana fa hijanona amin'ny nahazoany ny diplôma bakalorea izy ireo, dia raha izany dia misy vola aloa indray eny amin'ny ofisin'ny bakalorea. Raha hiroso amin'ny asa koa anefa dia tsy mankaiza firy ny asa ho azo amin'izany noho ny lanjan'io diplôma io izay iaraha-mahalala ankehitriny. Tsy misy vahaolana naroso hanovàna izany fanilihana sokajina mpianatra, zanaka Malagasy, sy sekoly miangatra izany ny fitondrana Rajoelina hatreto. Ny vokatr'izany, hiteraka voka-dratsy eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny firenena any aoriana, ary tsy azo ihodivirana izany.

***Sôh'son***

NY TENY FIAINANA



*Ohabolana 11:14*

*Raha tsy misy mpitondra, dia rava ny firenena; fa handry fahizay, raha maro ny mpanolo-tsaina.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tena nanandevo Malagasy ireo voanjo Frantsay



**Marcel Razafimahatratra :** l'insolence des colons. Tena nanandevo ny Malagasy tamin'izany fotoana izany ny voanjo Frantsay.

**Eddy Andrianasolo :** nga io tsy azo atontona ao anaty rano ao e.

**Marcel Razafimahatratra :** raha mba misy voay dia samy manavotra ny ainy no tiako. Tavela eo io vazaha mena sofina io angamba.

**Eddy Andrianasolo :** matahoatra ny voay raha vao be olona ko.

**Jaobelinarivo Edouard Razafindranaivoarson :** nefa dia mampanompo amin'ny endriny vaovao h@zao ireto Frantsay ireto.

**Olivier Rakotonirina:** mbola misy an'io zao fa miankina @ tsirairay io ! Ny mpigtondra antsika saribakolim-bazaha dia manao toy izao ankehitriny, ny vahiny no lolohaviny an-tampon'ny loha, fa tsy raharahiana ny Malagasy, hita izany eo amin'ny sehatry ny fananantany.

**Vanessa Zafimahova :** na gasy ary mbola maro manao anio amzao, misy ireo gasy sasany koa manao tohatra fiakarana ny namany.

**Rakoto Milamina :** mbola misy io aty amintsika... rehefa dibo-drano eny Besarety ( tanànan'i 13 fony izy zaza sy tanora) saingy vao mainka loza satria Gasy no mibaby Gasy manam-bola sady mataho-drano... kkk.!!!

**Mampianina Jacques :** izao no fanandevozana, mila oneran'ny Frantsay ny fanandevozana sy ny fandripahana nataony ny Malagasy tamin'ny fanjanahantany.

**Juliana Lovatiana Ravoavy :** l'Émergence hatrizay ka hatrizao. Izao no tena dikan'ny IEM andRajoelina, lolohavina an-tampon'ny loha toy izao ny Frantsay sy ny vahiny hafa.

TANORA TIM BORIBORITANY FAHA-6

# Namoy ny mpiara-mitolona Romie



*Izy no Romie tanora TIM Boriboritany faha-6, nindaosin'ny fahafatesana tampoka.*

Namoy mpiara-mitolona ny Tanora TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6, nodimandry tampoka ny sabotsy teo i Romie, na i Irako Ramihajamalalatiana Nirina Aiko Romie. Gina tanteraka, ny tanora Tiako i Madagasikara (TIM) satria lasa Romie mpiara-mitolona, ny ahafantarana azy eto amin'ny Facebook dia Aiko Nirina. Very namana ny TIM ny Zanak'i Dada rehetra, tsy vitsy ireo nahalala azy, ilay namana mitsikitsiky lava izay, mpitolona nafana fo nanomboka ny taona 2009 ka hatramin'izao. Nandao ny tany feno fahoriana ary nalain'ny Tompo ho eo antratran'i Abrahama i Romie, rehefa avy novonjena teny amin'ny Hopitaly.. Ao Ambodivonkely akaikin'ny Arrêt sampanana (Ampitan'ny DISCODIN) no misy ny razana. Raha ny fandaminan'ny fianakaviana dia ny alarobia 10 aprily 2019 izy no hapetraka eny amin'ny fasan-drazany eny Amboniloha. Mampionona sy mankahery ny vady aman-janany, sy ny Ray amandreniny, ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

***Ny Valosoa***

Antsirabe

# Nisy ny atrikasa iadiana amin'ny fitsaram-bahoaka

Atrikasa nandritra ny telo andro, niampy fampirantiana tamin'ny alalan'ny tranoheva sy fanomezana fanazavana ireo vahoaka: ireo no hetsika nokarakarain'ny fitondram-panjakana tetsy amin'ny Hotel des Thèrmes ny 03 ka hatramin'ny 05 aprily teo. Ministera 06 no niara-nifarimbona tamin'ny fanatontosana izao hetsika izao dia ny Ministeran'ny fiarovam-pirenena, ny Ministeran'ny fitsarana, Ministeran'ny filaminambahoaka, ny ministeran'ny fanabeazana sy ny fampianarana teknika ary ny fampiofanana arak'asa, ary ny avy ao amin'ny sekreterampanjakana miadidy ny zandarimariam-pirenena. Tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy izao atrikasa ho fisorohana ny fitsaram-bahoaka izao ny Minisitry ny fitsarana sy mpitahiry ny fitombokasem-panjakana Randrianasolo Jacques. Antsirabe Vakinankaratra no Faritra faha-efatra nitondrana izao hetsika izao. Mpandray anjara tamin'ny atrikasa ireo tompon'andraikitra isan-tokony avy ao ami'ireo departemanta voalaza tetsy ambony ireo sy ny rantsa-mangaikany, eo ihany koa ireo solontenam-panjakana sy ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Nanatrika sy nandray anjara mavitrika tamin'izao atrikasa izao ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana eto Vakinankaratra, Rakotomahandry Thimoté.

***Lezama***



TONONKALO

## Aiza re ity vary mora ?

Aiza re ity vary mora , sasa-miandry ny vahoaka.
Dokam-barotra no heno sy natao nipoapoaka.
Saingy hatreto aloha tsy misy sy tsy tonga any aminay,
Nivily lalana va re sa dia nanjavona indray ?

Aiza re ity vary mora , toa tsy tonga ara-potoana ?
Vary mora , vary mora , lasa teny fanesoana
Ilazana ny tsy tsara sy tsy misy kalitao,
Kanefa entina idedahana amin`izao tontolo izao !

Aiza re ity vary mora , moa ve lasa varo-maizina ?
Sa dia nisy indray ny faritra nokendrena mba hofaizina ?
Fa izay ilay fanavahana , mampiseho tsy fitoviana,
Ka ny loko izay tsy tiana dia iniana ampijaliana ?

Aiza re ity vary mora , hoy ireo ory sy tsy manana ,
Sa dia tsy hivoaka indray raha tsy efa akaiky fifidianana ?
Ry vahoaka , mandiniha ka saintsaino izay hatao,
Dia aza mety hojonoina amim-bary iray kilao !

***DADAN'i ZINA (04-04-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fanolorana ny Sekretera Jeneralin'ny antoko TIM vonjimaika, Olga Ramalason









TETIKASA CASEF

## Notombanana nandritra ny 2 andro

Nanatanteraka atrikasa miendrika fiofanana nandritra ny 2 andro ny 02 sy 03 aprily 2109 teo tao amin'ny Hotel des Thèrmes Antsirabe ny avy ao amin'ny tetikasa CASEF (Croissance Agricole et de Sécurisation Foncière) , ny ONE (office National de l'Environnement) no tompomarika tamin'izao fiofanana izao, izay niompana betsaka tamin'ny vokatra ateraky ny fametrahana ny tetikasa eo amin'ny tontolo iainana. Ny Casef no tompon'ny tetikasa ary manao ny fanadihadiana eny ifotony izay misy ny toerana hametrahana ny asa , tsy maintsy ho simba ny toerana hanatanterahana ilay asa toy ny lalana, ka izany indrindra no nanaovana ny atrikasa hihainoana ny hetahetan'ireo mpandray anjara tamin'ny fivoriana satria tsy izay rehetra hangataka hametrahana ilay tetikasa dia azo atao avokoa. Ny Tetikasa CASEF no tompon'ny fandaharan'asa rehetra ary efa manana mpiara-miasa aminy manatanteraka ilay asa eny ifotony toy ny GEOX2 sy ny SOCODEVI. Noho izany dia manana tompon'andraikitra mijery akaiky momba ny tontolo iainana ny mpanatanteraka ny asa sy manana fahazoan-dalana mazava aratontolo iainana. Ny tetikasa CASEF no manao ny fanaraha-maso rehetra ary mandefa ny tetikasa eo amin'ny fitantatanan-draharaha sy ny Ministera voakasika ary ny ONE no tompon'ny fanapahan-kevitra farany satria miankina amin'ny filan' ny vahoaka ny fomba fiasan'ny CASEF, izay miainga hatrany amin'ny Kaominina ary mipaka amin'ny Faritra ho fampandrosoana ny Firenena iray manontolo. Maro ny tetikasa efa tontosa sy vita napetraky ny avy ao amin'ny tetikasa CASEF teto Vakinankaratra, izay nisitrahan'ny mponina tombontsoa ary nitondra fampandrosoana teo amin'ny ara-tsosialy sy ara-toekarena ho an'ny Faritra Vakinankaratra. Tonga nanatrika sy nandray anjara tamin'izao atrikasa fiofanana izao ny lehiben'ny sampandraharaha ny fanjohiana sy tomban'ezaka avy eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra Ramatoa RANARIVELO Lydia sy ny avy ao amin'ny fananantany sy fandrefesan-tany, nahitana ny avy ao amin'ny foibem-paritry ny fambolena sy ny fiompiana ary ireo mpiasa eo anivon'ny CASEF.

*Solohery*

## Sakafo Ny Valosoa



Mety ho mavesatra ny sakafo tamin'ny faran'ny herinandro teo, sakafo maivamaivana no atolotra anao androany. Vary amin'anana, tsara raha hasiana laoka kitoza, na hena baolina hilaofana azy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Manasitrana tosi-drà ny ravin-tsaosety



Manasitrana tosi-drà ny ravin-tsaosety, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Hampangotraho ny rano iray litatra sy sasany, dia harotsaka ao anatin' ny rano mangotraka ny ravin - tsaosety 7 efa voasasa madio mialoha. Avela hangotraka kely mandritra ny fotoana fohy, ka rehefa miova mivolom- bolamena ilay rano misy azy, dia entanina avy eo ambony fatana ka esorina ireo ravin - tsaosety. Avela hangatsiaka. Sotroina araka izay itiavana azy mandritra ny iray andro. Marihina: ilaina ny mitandrina satria mampivalan - drano be tahaka ny mihinana ny fanafody simika fampiasa amin' ny « tension » na tosi-drà izy io.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Manjakandriana amin'ny faritra Analamanga

Ny tanànan'i Manjakandriana, amin'ny faritra Analamanga indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Manjakandriana. 45 km miala ny renivohitra Antananarivo no misy azy amin'ny lalam-pirenena faha-2. Avo toerana ity tanàna ity satria 800 m ka hatramin'ny 1875 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mbola faritra be ala koa izy, vokatra any ny vary. Tamin'ny andron'Andriamasinavalona, Analanakondro no niantsoana azy, fa tao aorian'ny fitsidihan'ny mpanjaka Andrianampoinimerina sy ny Andriambavin'Ankadimanga, Ramiangaly, nomen'ity mpanjaka ity ny anarana Manjakandriana izy. Tamin'ny andron'Andriamasinavalona tao anatin'ny Vakinifanongoavana i Manjakandriana, fa tamin'ny nanjakan'Andrianampoinimerina, niova ho Vakiniadiana ny tanàna. Iadiana dia renirano iray amin'iny faritra Atsinanan' Antananarivo iny. Lalovan'ny lalamby TCE, na Antananarivo mihazo ny faritra Atsinanan'i Madagasikara koa i Manjakandriana.



## I Jaona 4:1

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 126), Madagasikara 08 aprily 2019

***I Jaona 4:1 "Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin'i Jehovah Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao."***

Ry mpamaky sy mpihaino, nahoana moa no atao hoe izahao toetra ny fanahy? Tsy hoe ankahalaina avy hatrany akory ny mpaminany fa ny ahafantarana azy ireny dia hoy AHO JEHOVAH teo aloha.

1- Tokony ho olon'ny Fiangonana izy

2- IZAHO JEHOVAH no miantso sy miresaka taminy ary manendry azy sy manosotra azy

3- Manana ASA manokana ampiarahana aminy izy ary ambetiteniny izany ka tsy amelany raha tsy vita sy tontosa.

4- Tsy olona no mibaiko sy mitantana ny asany ka mivadika ny rasa hoe tsaraina ny teny ampitondraina azy, ny Teniko JEHOVAH amin'ny alalany no mitsara ny olona, aza disoina.

5- Azo anontaniana tsara AHO JEHOVAH ao amin'ny mpaminany.

6- Mahay miara-monina amin'ny vahoaka ny mpaminany fa tsy manava-tena.

7- Tsy asandrasandratry ny olona ny mpaminany fa manjary ataon'ny olona fa izy no ivavahana sy angatahana ary italahoana amin'ny fiainana.

8- Tsy mandoka tena ny mpaminany na manaiky dokafan'ny olona

9- Tsy mba mirehareha ny mpaminany na mieboebo fa mahari-po mandrakariva

10- Tsy dia mba misongadina loatra, hany ka tsy fantarin'ny olona izy.

11- Ny mpaminany dia hoatran'ny olona rehetra fa ny mampiavaka azy dia ny TENY FIKASANA miaraka aminy.

12- Ny mpaminany dia tsy matahotra ny hiseho sy hiteny rehefa mibaiko azy AHO JEHOVAH amin'ny fotoana ilako azy.

13- Ny mpaminany dia mifandray tsy tapaka AMIKO ary mivantana no itenenako aminy.

14- Ny mpaminany tsy mba menatra na dia hafahafa aza ny ASA na iraka ampanaoviko azy, ireny dia matahotra AHY mandrakariva.

15- Tokony ho fantatry ny mpaminany fa baiko sy didy no miaraka aminy mba hahafahan'ny ministera sisa miasa.

16- Ny mpaminany dia ampanaoviko asa hafahafa hampiaiky izay anirahako azy.

17- Tsy misy asa azon'ny rehetra atao raha tsy mihaino ny mpaminany, eny hatrany amin'ny FIRENENA, FIANGONANA, FIANAKAVIANA, TANANA.

18- Hampiaiky an'izao tontolo izao ny momba AHY JEHOVAH ny antompisian'ny mpaminany, hanambara ny zava-miafin'ny Fanjakako sy ny momban'i JESOSY rehetra ary ny fiafaran'izao tontolo izao.

Marobe ary azonao atao tsara ny mifandray amin'ny mpaminany. Izany hoe ny mpaminany dia tsy maintsy miteny izay nolazaiko taminy, sao tsy voalazany ny HAFATRA ka anadinako azy. Ny antony mantsy dia ny mba hamonjena ny tany sy ny mponina eo aminy mba tsy ho ringana sy ho very hianareo. Izao no tiako ambara sady tokony ho fantatry ny mpaminany rehetra. Tsy azo sandohina izany toerana izany fa saro-pady, anontanio tsara ny fanahinao hoe tena mpaminany ve ianao, inona ireo Teny Fikasana ampitondraiko anao ho fantatry ny olona? Ny toky nomeko anao, ny fanekena nataontsika miaraka, ny fankatoavanao AHY sy ny finoanao. Anjaran'ny mpaminany no miteny fa ny maro kosa mino sy mandray izay lazainy. Hoy AHO JEHOVAH, ny mpaminany ve? Miaraka aminy ny Teny Fikasana ary mandrakariva izany. Ny Teny Fikasana dia tsy natao ho an'olom-bitsy ho an'izay antsoiko ary ho an'ny taranaka fara mandimby, ***Asan'ny Apostoly 2: 39*** *"fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'i Jehovah Andriamanitsika hanatona Azy."* I Paoly dia anisan'ny nanenjika mpivavaka ary namono mpaminany koa. Aza hadino fa i Paoly mihitsy no nangataka taratasy fahazoan-dalana hifofo ny ain'ny mpivavaka, mba hamonoany ny mpaminany. Satria tamin'ny alalan'ny mpaminany AHO no nanao fampianarana sy tamin'ny alalan'ny Apostoly no nanao ny fampianarana rehetra ny asan'ny Fanahy Masina. Rehefa niantso an'i Saoly i JESOSY dia jamba izy nandritra ny 3 nadro sady tsy nihinana no tsy nisotro koa, ***Asan'ny Apostoly 9: 9*** *"Ary tsy nahita izy hateloana sady tsy nihinana na nisotro."* Vita ny fifadiankanina, nandritra ny 3 andro tsy nahita izany izy no noresahina izay tokony hataony, ny asa, ny fomban'ny olona, ny fanambarana an'i JESOSY, ***Asan'ny Apostoly 9: 13-14*** *"Ary Ananiasy namaly hoe: Tompoko, efa reko tamin'ny maro ny haben'ny ratsy nataon'izany lehilahy izany tamin'ny olonao masina tany Jerosalema. Ary manana fahefanay koa avy tamin'ny mpisoronabe izy hamatotra izay rehetra miantso ny anaranao."* Rehefa nanaiky i Saoly amin'izay anirahako azy dia notsofina rano izy hahavita ny asa (Vakio ny tantarany) i Ananiasy dia mpaminany tao amin'ny Testamenta Vaovao. Tao anatin'izay 3 andro izany dia nanao FANEKENA izy fa handeha sy hanatanteraka ny Fitoriana Filazantsara.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## KORONTANA TANY MAROANTSETRA

# Nesorina tamin'ny asany avokoa ireo polisy niasa tao amin'ny kaomisaria



*Ireo vahoaka marobe nanao fihetsiketsehana tany Maroantsetra.*

Nisehoana korontana tany Maroantsetra faritra Analanjirofo ny sabotsy tolakandro mandrak'alina. Araka ny vaovao voaray: 2 no maty, trano miisa 22 no may ka ny 20 amin'ireo dia tranona polisy avokoa. Tanora mpianatra iray 19 taona nisy niampanga ho namaky trano no maty tao amin'ny violon, tsy nanaiky ny fianakaviany ka nahatonga ny korontana tany an-toerana. Noho izay antony izay, nesorina tamin'ny asany avokoa ireo polisy niasa tao amin'ny kaomisaria nisian'ny olana ary hotohizan'ny fanjakana ny famotorana. Izany no fanapahan-kevitra noraisin'ireo manam-pahefana tonga tany an-toerana ny alahady teo. Nitsapa alahelo ny fianakaviana mana-manjo koa izy ireo tamin'izany ary nihaona nivantana tamin'ny vahoaka. Efa nentin'ny fianakaviany nody any ambanivolo ny razana voalohany, ilay maty teny amin'ny hopitaly kosa dia andrasana ao amin'ny tranompokonolona. Anio talata no mety halefa sambo any Toamasina ny razana, mialohan'ny hihazoany an'Ambatondrazaka. Milamindamina aloha ny toe-draharaha any an-toerana amin'izao. Tsiahivina fa ny niandohan'ity tranga ity dia nisy mpianatra tao amin'ny Lisea Soafaniry kilasy 1ère izay voaendrikendrika tamin'ny halatra, efa 2 volana lasa. Ny sipany ihany no nitory azy ny zoma lasa teo. Voatazona tao amin'ny polisy ilay tovolahy vokatr' izany. Ny maraina ny asabotsy dia naterin'ny polisy tao amin'ny Hopitaly izy. Nanamarina ny dokotera tao fa efa tsy nisy aina intsony ity farany ary maty vokatry ny daroka. Tezitra tamin'izany ny vahoaka, ka nikasa hitondra ny faty tany amin'ny biraon'ny kaomisaria. Teo no niteraka ny fifandonana ka nahatonga fitifirana tovolahy iray hafa 17 taona avy any Morarano Ambatondrazaka. Nitombo arak'izany ny fahatezeran'ny mponina, ka lasa nitety tanàna nandoro ireo tranona Polisy nandritra ny alina tontolo izy ireo.

***Ny Valosoa***

## Maintirano

# Nodimandry ilay miaramila Sergent Chef nodarohan'ny dahalo



*Ilay miaramila maty am-perinasa tany amin'ny faritr'i Melaky.*

Nodimandry omaly maraina ilay miaramila Sergent Chef naratra mafy rehefa nifanehitra tamin' ny dahalo, tany Maintirano faritra Melaky, tamin'ny alarobia 3 aprily lasa teo. Miaramila tao amin'ny « Détachement » faritr'i Andreha i Sergent Chef Tafita Jean de La Croix, ilay naratra mafy nodarohan'ny dahalo tamin'izay fotoana izay. Nanenjika dahalo izy ireo tamin'io andron'ny alarobia io. Miaramila efa-dahy izy ireo, ary i Sergent Chef Tafita Jean de La Croix no mpitarika azy ireo. Nitsofoka tamina trano ny dahalo iray nenjehin'izy ireo dia narahiny, kinanjo maro ireo dahalo efa tao amin'ilay trano, ka nifandrombonan'ireo nodarohana tao ity Sergent ity vao tafiditra. Ny lohany no tena voa mafy. Nakarina haingana notsaboina taty Antananarivo, teny amin'ny Hopitaly Miaramila Soavinandriana izy, tonga tao tamin'ny zoma lasa teo. Nodimandry omaly, na dia nanao ny ala nenina rehetra aza ny mpitsabo tao amin'ny hopitaly miaramila. Nalefa ao amin'ny tobin'ny Rezimanta Miaramila Voalohany (RM1) Analakely ny nofo mangatsiakany, ao no andrasana amin' izao fotoana.

***Ny Valosoa***

## Kaominina Ivato

# Nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra ny TEFIMAFI Fianarantsoa

Notanterahana ny alahady teo ny fifampiarahabana teo amin'ny mpikambana ao amin'ny "Terak'i Fianarantsoa Miaradia amin'ny Atao ho Fifampitsimbinana", na ny Fikambanana TEFIMAFI eny Ivato, distrikan'Ambohidratrimo. Nanome voninahitra izany lanonana izany, ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa sy ny Raiamandreny to-teny sady efa nitana andraikitra ambony teto amin'ny firenena, avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa teo aloha, Ramampy Marie Zénaide Lechat. Izy mianaka ireto izay mpiara-miasa hatrizay, indrindra tamin'ny fotoana naha-mpitandraka vaovao an-gazety ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa. Tamin'io fotoana io, nihaona tanaty hetsika fiarahamientan'ny zanak'i Fianarantsoa eny Ivato izy ireo, ka nitso-drano ny Ben'ny tanànan'Ivato hanohy ny asa fampandrosoana, sy haha-efabe



*Ny lanonana teny Ivato ny alahady lasa teo.*

hatrany amin'ny adidy aman'andraikitra sahaniny ao amin'ny kaominina, Ramatoa Ramampy Marie Zénaide Lechat, izay filoha lefitry ny Antenimierampirenena teo aloha ihany koa.

***Serge***

LOZAM-PIFAMOIVOIZANA

## Kamiao namantana tamina trano, zaza 02 no maty

Nisehoana lozam-pifamoivozana mahatsiravina ny tany Andapa faritra Sava ny faran'ny herinandro teo. Ny alahady teo, tokony ho teo amin'ny 11 ora alina teo no nisehoan'ity lozam-pifamoivoizana ity. "Camion" iray avy any amin'ny Lalampirenena RN3B Sambava - Andapa no fототry ny loza. Avy aty Antananarivo handeha hanatitra entana any Andapa izy ity. Marihina fa 1km tsy hidirana ny tao an-tampon-tanànan'Andapa ao amin'ny "quartier" atao hoe Ambodifamba misy fiolahana mampidi-doza, ka teo no nitrangan'ity loza ity, nivadika ilay kamiao. Tsy fantatra koa anefa na mamo na resin-tory ilay mpamily no nahatonga ny fiara nivadika sy namantana tamin'ny trano manodidina teo. Vokany: zaza 02 mianadahy no maty, 06 taona ny vavy ary 03 taona kosa ny lahy, izay natory tao an-trano ary nisy ihany koa ireo naratra. Trano telo no rava fa ny iray voalohany no nisy ireo zaza roa mianadahy maty. Nisy fiarakodia hafa koa voadona teo. Nandositra ilay mpamily , efa nisy ny fanadihadiana nataon'ireo mpitandro filaminana tany an-toerana.


Ilay loza nitranga tany Andapa.

**Zaka**

Ny tambazotra MIHARI


## Manohy ny maha mpitondra ny feon'ny mpanjono madinika azy

Manohy ny maha mpitondra ny feon'ny mpanjono madinika azy ny tambazotra Mihari. Ireo solontenan'ny fikambanan'ny mpanjono madinika dia manamafy ny fahaiza-manaony. Mpitantana 41 mandrafitra ny birao nasionaly sy ny biraom-paritra no nandray anjara tamin'ny fihaonana an-tampon'ny fikambanan'ny LMMA teto Antananarivo omaly, tao amin'ny Ivo Ivato Soa, no notanterahana ny lanonam-panakatonana ny fihaonana an-tampon'ny fikambanan' ny LMMA mivondrona ao amin'ny tambazotra MIHARI. Mpitantanana 41 avy amin'ny lafivalon'ny nosy no nivory mba hanaraka fanamafisana ny fahaiza-manaony. Nandritra ny lanonana ihany koa dia natolotra tamin'ny fomba ofisialy sy manetriketrika izy 41 mianadahy teo anatrehan'ireo mpiantsehatra ny fiarovana ny ranomasina eto Madagasikara, sy ny masoivoho samihafa na ny solontenany ary ny solontenan'ny governemanta malagasy. Ny 04 hatramin'ny 07 aprily 2019 dia nanaraka fiofanana momban'ny fitarihana, fifandraisana iraisana ireo mpikambana mandrafitra ny birao nasionaly sy biraom-paritra ny tambazotra MIHARI. Ny tanjona dia ny hanamafy ny fahaizamanaon'ireo Mpitanana ny MIHARI mba hanampy azy ireo amin' ny fitondrana ny feon'ireo mpanjono madinika namany. Ireo mpanjono madinika mandrafitra ny birao nasionaly sy biraom-paritry ny tambazotra dia voafidy taorian'ny fihaonambe nasionalin'ny tambazotra tany Fort-Dauphin ny volana jolay 2017. Taorian' ny fifidianana ny Filoha nasionalin'ny tambazotra, Hermany Emoantra Manahadraza dia voafidy ireo Filoha rejionaly 4 nandritra ny atrikasam-paritra nifanesy, tany Nosy-Be (Ramadany Edmond, Filoha rejionaly Avaratra Andrefana), tany Toliara (Mahata Pascal, Filoha rejionaly Atsimo), tany Fenoarivo-Atsinanana (Velozandry Mike Freddy, Filoha rejionaly Avaratra Atsinanana) ary tany Maintirano (Nasondrotsy Perrin, Filoha rejionaly Afovoany Andrefana).
Ankoatran'ny fiofanana, tanjon'ny fihaonana koa ny hampiray ireo mpitanana eo anivon'ny tambazotra amin'ny alalan' ny drafitra asa iraisana amin'ity 2019 ity.


Ireo avy amin'ny tambazotra Mihari manerana ny Nosy.

**Aly**

**SARIITATRA :** Miandry kely aloha fa tsy ho arako daholo izany rehetra izany




AFT Andavamamba

## Hetsika maro no nankalazana ny Taombaovao Malagasy

Tanteraka soa aman-tsara ny fankalazana ny Taombaovao malagasy tao amin'ny Alliance Française Andavamamba, ny zoma lasa teo. Hetsika maro no hita tao. Anisan'izany ny fampisehoana nataon'i Raozin'i Gasikara, Izay mpiangaly ny "hira gasy". Ny "Faribolana Sandratra" ihany koa dia nandray anjara tamin'ity fankalazana ity. Tononkalo maro mahakasika ny fitiavan-tanindrazana no niangalian'ny Faribolana Sandratra tao. Ny Tarika Ragasy ihany koa dia anisan'ireo nandray anjara tamin'ity hetsika ity. Notsindrian'ny Filohan'ny fiankevim-pitantanan'ny Alliance Française Antananarivo, Henri Randriantsalama, fa "Ny Alliance française Antananarivo dia fikambanana malagasy, ka rariny loatra raha mankalaza ny Taombaovao malagasy." Ny sabotsy 06 aprily kosa dia niroso tamin'ny fanadiovana ny manodidina ny AFT Andavamamba ny tompon'andraikitra sy ny mpiara-miasa ary ny mpianatra. Nanomboka tamin'ny 09 ora ny fanadiovana ary nitohy tamin'ny fiaraha-misakafo ho fankalazana ny Asaramanitra. Noho ny fahavitan'ny fankalazana mankasitra ireo rehetra izay nanampy ny Alliance française Antananarivo tamin'ny fikarakarana ny Taom-baovao malagasy. Isaorany ihany koa ireo rehetra izay nandray anjara tamin'io hetsika io.

**Aly**


Fiaraha-misakafo noho ny Asaramanitra, tao amin'ny AFT Andavamamba.

Kolontsaina

## Marary mila tolo-tanana ny mpanakanto Pierrot Matatana

Anisan'ny mpanakanto manana ny maha- izy azy eto amintsika i Pierrot Matatana, maro ireo mpanakanto namoronany hira, tsy any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany, sy Atsimo Atsinanana ihany, fa saika mpanakanto maro manerana ny Nosy no miara-miasa aminy. Marary mila tolo-tanana anefa ity mpanakanto malaza ity amin'izao fotoana. Noho izany, manao antso avo ho antsika vahoaka tsy ankanavaka namana sy tapaka, izy sy ny fianakaviany, fa i Pierrot Matatana, dia marary mafy tsentsina lalan-drà amin'ny fony. Miangavy antsika tsara sitrapo izy ireo mba hanampy, fa tsy maintsy tsaboina any ivelany araka ny teny nomen'ny dokotera. Ho antsika izay hamangy dia ao amin'ny Hopitaly Befelatanana no misy azy. Cardiologie bâtiment USIC porte 109. Ho an'izay lavitra ka tsy afaka tonga dia misy ny nomerao afaka handefasana izay ho fanampiana: 032 83 456 51 na 034 53 200 35. Ny vola azo dia hoentina hitondrana azy any ivelany mitentina hatramin'ny 50.000.000 Ar na 250.000 000 Fmg no ilaina amin'izany.

**Ny Valosoa**


Ny mpanakanto Pierrot Matatana, marary etsy amin'ny hopitaly Befelatanana.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fanolorana tamin'ny ofisialy ny kandidàn'ny TIM Boriborintany faha-3, Feno Ralambomanana sy Bodo.**















